
# Famaliana ireo fanontaniana momba ny tsodranon'ny patriarika

Nizara izao manaraka izao ny Filoha Russell M. Nelson:



Sarobidy [ny tsodranon'ny patriarika]. Soratra masina ho anao manokana izany. Manambara ilay firazananao miavaka izany. Mampahatsiahy anao ny amin'ny fifandraisanao amin'ny lasa izany. Ary hanampy anao ho tonga amin'izay azonao hahatongavana any aoriana izany. Azonao atao ara-bakiteny mihitsy ny mangataka amin'ny Tompo ny fahatanterahan'ireo fitahiana ireo amin'ny alalan'ny fahatokianao. (Russell M. Nelson, "Thanks for the Covenant" [Brigham Young University devotional, Nov. 22, 1988], 5)

Nijoro ho vavolombelona ny Loholona Kazuhiko Yamashita ao amin'ny Fitopololahy hoe:



Namaky matetika sy ombam-bavaka ny tsodranoko avy amin'ny patriarika aho; mampahery ahy hatrany izany. Fantatro ny zavatra andrasan'ny Tompo amiko, ary nanampy ahy hibebaka sy hanetry tena izany. Rehefa mamaky sy misaintsaina izany aho dia maniry ny hiaina mba ho mendrika ny hahazo ireo fitahiana nampanantenaina. . . .

. . . Mijoro ho vavolombelona aho fa velona ny Ray any An-danitra sy ny Zanany Lahitokana malalany, dia i Jesoa Kristy Tompo. Tia antsika Izy Ireo. Fanomezana masina avy amin' Izy ireo ny tsodranon'ny patriarika. Rehefa mandray ny tsodranonareo ianareo dia ho resy lahatra sy hahatsapa ny fitiavan'Izy ireo anareo sy ny fomba ifantohan'Izy ireo aminareo manokana. (Kazuhiko Yamashita, "Rahoviana ianao no tokony handray ny tsodranon'ny patriarika", *Liahona*, mey 2023, 90)

Ny Rahavavy Bonnie H. Cordon, izay Filohan'ny Zatovovavy maneran-tany teo aloha, dia nizara izao:



Nandritra ny fivoriambe HZM (Ho Zatovo Mahery!) vao haingana, dia nifankahafantatra tamin'ny zatovovavy roa izay nanana olana aho. Samy milaza ho nitodika tany amin'ny tsodranon'ny patriarika ireo zatovovavy roa ireo mba hahitana indray ny fitiavan'ny Tompo sy ny fitarihany azy manokana. Tadiavo ny tsodranon'ny patriarika nomena anao, tsofy ny vovoka raha ilaina, kanefa halalino matetika izany. Raha tsy manana ianao dia maka iray. Aza atao ela. Aza mangataka andro amin'ny famantarana izay tian'ny Tompo holazaina momba anao amin'izao fotoana izao. (Bonnie H. Cordon, "Manatòna an'i Kristy kanefa aza manatona irery," *Liahona*, nôv. 2021, 10)



© 2024 by Intellectual Reserve, Inc. All rights reserved. PD80007812_654_555-1